Lesona 5: fanambarana sy tsindrimandry avy amin'Andriamanitra

A. Fanambarana ankapobeny sy fanambarana manokana

1. Inona no atao hoe fanambarana ankapobeny? Salamo 19:1; Romana 1:20
2. Zarao ny fotoana nahatsapanao ny fanatrehan'Ilay Andriamanitra Mpamorona antsika, rehefa nanokana fotoana teo anivon'ny zavaboary ianao.
3. Afaka manatona an’Andriamanitra sy ho voavonjy amin’ny alalan’ny fanambarana ankapobeny ihany ve ny olona iray, na dia tsy mahazo fanambarana manokana amin’ny alalan’ny mpaminanin’Andriamanitra aza? (Romana 2:14-16).
4. Ahoana no amaritan’ny mpanoratra ny Bokin’ny Hebreo ny fanambarana manokana? Hebreo 1:1-3
5. Raha afaka mahafantatra momba an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fanambarana ankapobeny isika, nahoana Andriamanitra no manome fanambarana manokana momba ny toetran’ny fitiavany sy ny drafiny ho an’ny fiainantsika? (Salamo 119:105)

B. Ny fomba fiasan'ny fanambarana manokana

1. Ahoana no namaritan’ny Apostoly Jaona ny fomba nandraisany ny fanambarana manokana tao amin’ny Nosy Patmosy? Apokalypsy 1:1-2, 10-13
2. Inona no fanambarana nomen’ny TOMPO an’i Arona sy i Miriama momba ny fanomezana fanambarana manokana? Nomery 12:6-8a
3. Ankoatra ny fahitana sy ny nofy, inona koa ireo fomba hafa ampiasan’Andriamanitra hanomezana fanambarana manokana ho an’ny olombelona? Eksodosy 3:1-6, Lioka 1:26-28, Jaona 1:14-18, sns.
4. Nahoana Andriamanitra no nanantitrantitra ny mpaminaniny mba hanoratra ireo fanambarana manokana azony? (Apokalypsy 1:19, Jaona 20:30-31, 1 Korintiana 10:11, sns.)
5. Inona ny fanambarana feno fahasahiana nataon’ny Apostoly Paoly momba ny Soratra Masina, noho ny fitarihan’ny Fanahy Masina? 2 Timoty 3:14-17
6. Ahoana no nahafahan’ny mpaminany Mosesy nanoratra fitantarana marina momba ny famoronana, toe-javatra izay nitranga an’arivony taona maro talohan’ny nahaterahany? (2 Petera 1:19-21)
7. Ahoana no nahafahan’ireo mpanoratra ny Filazantsara nanoratra fitantarana marina momba ny fiainan’i Jesosy sy ny fampianarany, am-polony taona maro taorian’ny nitrangan’ireo zava-niseho ireo? 1 Jaona 1:1-3, Lioka 1:1-3

D. Ny fanomezana sarobidy dia ny Soratra Masina

1. Ahoana no namaritan’i Davida, mpanoratra Salamo, ilay fanomezana sarobidy dia ny Soratra Masina? Salamo 19:7-10
2. Ahoana no namaritan’i Jeremia mpaminany ilay fanomezana sarobidy dia ny Soratra Masina? Jeremia 15:16
3. Oviana no nanombohanao nankasitraka ny Baiboly, izay fanomezana sarobidy sady fanambarana manokana avy amin’Andriamanitra?
4. Inona amin’ny ampahany ao amin’ny Soratra Masina no hitanao fa tena misy heviny manokana aminao?